

# ALAHADY FAHA-5 KAREMY - TAONA -B-2024



## « *Tompoko, mba te hahita an'i Jesoa izahay* » (Jo. 12: 21)

Ry Kristianina havana, Alahady fahadimy amin'ny karemy isika izao, izany hoe efa tena akaiky dia akaiky ny fankalazana ny Paka. Alahadin'ny Sampankazo amin'ny Alahady ho avy izao izany hoe mampiditra antsika amin'ny Herinandro Masina. Raha ny marina dia Alahady atokantsika ihany koa amin'ny pelerinajy na ny fivahiniana masina eny amin'ny 'la montagne' arakaraky ny toerana misy antsika. Fivahinianana izay entintsika mandinika bebe kokoa ny tampon'ny kalivery mba hiara-mifantsika amin'i Kristy isika mandevina ny ratsy

rehetra ka hiaraka hitsangana Aminy ka hanaovantsika départ vaovao hahatonga antsika ho EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Ao amin'ny fianakaviana Eglizy kely no anombohantsika mivelona ny Paka ka ho fianakaviana eglizy mifampitsimbina, mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana hitondra amin'ny

Vakiteny I : Jer. 31, 31-34

Tononkira : Salamo 50

Vakiteny II : Heb. 5, 7-9

Evanjely : Jo. 12, 20-33

fivelaran'ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra.

Araka ny voalazantsika amin'izao DIABE IARAHANTSIKA MANAO MANKANY ANY AMIN'NY KONGRESY EOKARISTIKA dia FIJANONANA LEHIBE NY FIVAHINIANA MASINA PELERINAJY ATAONTSIKA AMIN'NY LA MONTAGNE. Izay irintsika tokoa mba ho tahaka ny niakaran'i Jesoa sy ny mpianany tena an-tendrombohitra ka niovan'i Jesoa tarehy teo anatrehan'ny

mpianatra. Enga anie isika koa samy hiova, hihavao manomana antsika sahady amin'ny Kongresy Eokaristika...

Mba hidirantsika bebe kokoa amin'ny fiomanantsika amin'ny Paka izay fandalovana miala amin'ny fiainana mirefarefa, miala amin'ny fiainana tsizarizary ka miditra amin'ny fiainam-baovao miaraka amin'i Kristy.

Hohararaotintsika fa indrindra isika tanora ny handalinana ny maha olom-pinoana antsika, ny maha olom-panentanana antsika ary ny maha olom-pitiavana antsika ka hahatonga antsika ho olon-dehibe amin'ny finoana ho EOY MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA. Mitaky safidy matotra satria tsy maintsy manao dingana isika, izany no andrasana amintsika amin'izao fijanonana la Montagne izao.

Tsara ihany koa ny manamarika fa tsy irery ny fidirana amin'ny fiainam-baovao fa iombonana. Izany ny fanekem-pihavanana vaovao entin'i Kristy, Fihavanantsika. Noho ny fanavotana tanteraka ao amin'i Kristy dia zary Olo Araiky amin'Andriamanitra isika. Io no antitranterin'i Papa amin'ny taratasy Antsikilika "Fratelli tutti" izay azo adika tsotra hoe "Olo Araiky isika jiaby", Mpiray Tampo Isika Jiaby. Io ihany koa ny teny faneva entin'ny kongresy eokaristika : "FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO... MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY. Araka ny lazaintsika dia tena hiaka io Ansikilika io satria maro ny fandravana vokatry ny krizy amin'izao. Potika ny fifandraisana mandrafitra ny mahaolona antsika vokatry ny fahotana. Tonga nofo i Jesoa ilay tsy nanota nibaby ny otantsika mba hamerina amin'ny laoniny indray ny fifandraisana Izy ilay fihavanana. Fihavanan'i Jesoa io no mampivondrona antsika ho iray. mampivondrona antsika amin'ny zava-boaary, mampivondrona amintsika samy isika, mampivondrona amin'ny Ray. Izany no mahatonga antsika mila sitranina aloha ny fihavanana soatoavintsika ho zary fihavanana kristianina sady malagasy. Io fihavanana sady kristianina no malagasy io no manasitrana an'izao tontolo izao .... satria zary olo araiky isika jiaby ka mifanasoa mifampitsimbina mikatsaka ny soa iombonana

Ambaran'ireo vakiteny atolotry ny Eglizy ny lalana tsy maintsy hizorana dia tsy inona izany fa ny fidirantsika amin'ny fanekem-pihavanana vaovao amin'Andriamanitra araky ny voalazan'i Jeremia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany. *"Fa izao no fanekena hataoko amin'ny taranak'i Israely, rehefa afaka izany andro izany, - teny marin'ny Tompo: - Hataoko ao anatin'ny lalàko, dia sady hosoratako ao am-pony; ka ho Andriamanitr'izy ireo Aho ary izy ireo ho oloko"*.

Amin'izao kosa tsy fanekem-pihavanana ety ivelany intsony vokatry ny ran'omby na biby hafa fa fanekem-pihavanana voasoritra ao am-po vokatry ny Ran'ny Zanak'Andriamanitra ka mitondra amin'ny batemy izany hoe hahalala an'Andriamanitra tokoa isika satria zanany ka hiombona Aminy ary izany no vokatry ny fanavotan'i Kristy, izany ny paka fandalovana, tiantsika ho trararina. Izany no fihavanana marina ka miova ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy isika samy olombelona ary amin'ny zava-boahary raha miombona amin'Andriamanitra tokoa isika.

Ny fontsika no itoeran'Andriamanitra ka zanak'Andriamanitra isika. Itoeran'i Jesoa isika ka izay ataontsika dia hivelomantsika amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Io ilay lazain'i Md Paoly hoe tsy izaho intsony fa i Kristy no velona ato amiko. Toy ny fifandraisan'ny ray sy Jesoa zanaka ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy samy olombelona ary ao anatin'ny

fikolokoloana ny zava-boahary izany hoe miverina amin'ny toetra taloha tamin'ny naharian'Andriamanitra izao rehetra izao. Izany no maha fahariana vaovao ny Paka. Raha atombotsika amin'ny zava-boahary izany dia midika fa tsy hoe manjakazaka isika rehefa nanafatra Andriamanitra “manjaka” fa midika hoe mikolokolo sy manatsara hatrany araka ny sitrak'Andriamanitra.

Milaza amintsika i Jesoa ao amin'ny Evanjely fa raha maty ny voambary nafafy dia mahavokatra be izany hoe maty miaraka Aminy amin'ny fahotana isika. Raha atao teny hafa izany rehetra tahaka ny voa mitsiry tsy maintsy lò ny ratsy ka mivelatra aim-baovao. Tahaka izany koa tsy maintsy maty sy lò ny fahotana ao amintsika ao mba hitsangan-ko velona miaraka amin'i Kristy isika. Izany no ambaran'ny hazo fijaliana izay niainan'i Lucien Botovasoa. Mamokatra be izy satria niala amin'ny fahafatesana ka tonga amin'ny fahasambarana tanteraka.

Ambaran'ny Evanjely androany fa «tamin'izany andro izany, nisy Jentily sasany, anisan'izay niakatra hivavaka tamin'ny andro fety, nanatona an'i Filipo, izay avy tany Betsaidan'i Galilea, ka nihanta taminy nanao hoe : *“Tompoko, mba te hahita an'i Jesoa izahay”*. Dia lasa i Filipo nilaza tamin'i Andre, ka dia i Andre sy i Filipo no niara-nilaza tamin'i Jesoa » (Jo. 12: 21 – 22). Mazava ny voalazan'ny Evanjely eto, naniry hahita an'i Jesoa ihany koa ny Jentily izay tonga tao Jerosalema mba hivavaka. Tsara ampahatsiahivina ihany fa ny Jentily moa dia ireo mpino hafa tsy Jody nefa tonga manatrika sy mandray anjara amin'ny vavaka fanaon'ny Jody amin'ny andro fety. Misy amin'ny fandikan-teny sasany no tena milaza mazava fa Grika ireto Jentily naniry hahita an'i Jesoa ireto. Nandre ny zava-mahagaga maro nataon'i Jesoa izy ireo ka dia tsy nisalasala nanatona an'i Filipo ary niangavy taminy mba hihaona amin'i Jesoa.

Raha te-hahita an'i Jesoa tahaka azy ireo tokoa isika dia azo lazaina fa tanteraka ny oran'i Jesoa ao amintsika izany hoe nosokafantsika ny fontsika, nesorintsika tao ireo “encombrement” maro isan-karazany, nialantsika ireo “fandravana” (destructionnisme), hoy Papa, raha niresaka momba ny Korontanavirus izy ary indrisy mitohy ny krizy ary maro lafy ankehitriny mitady hanapotika antsika izany hatramin'ny soa toavina mahamalagasy dia ity fihavanana ity. Soa fa eo i Jesoa. Izy no tena fihavanana ka raha te ho sitrana tokoa isika. Maniry handresy an'izao aretina mikiky antsika izao isika ka aoka hahay hanararaotra handray an'i Jesoa Fihavanana ka IZY HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO.

Io no nahatonga an'i Jesoa namaly an'i Filipo hoe: « *Tonga ny fotoana hanomezamboninahitra ny Zanak'Olonana. Lazaiko marina dia marina aminareo fa raha tsy maty ny voambary nafafy tamin'ny tany, dia mitoetra foana izy; fa raha maty kosa izy, dia mahavokatra be* » (Jo. 12: 23 – 25a)

Ny aim-baovao entin'ny Paka no manenika ny fiainantsika manomboka amin'izao Paka izao, ka ny làlana nodiavin'i Jesoa dia ny làlana fankatoavana ny sitrak'Andriamanitra izay ahazoantsika famonjena araky ny voalazan'ny mpanoratra ny taratasin'i Hebrio : “nianaotra ny fanekeny izy ka tonga fototra ny famonjena mandrakizay”. Manantanteraka ny sitrapon'Andriamanitra no dikan'izany. Io no lalana mitondra amin'ny fiainam-baovao hampisy dikany ny fijaliana izany hoe araka ny hevitr'Andriamanitra fa tsy araka ny lojikan'izao tontolo izao. Io no foto-pampianarana tian'i Papa ho tsapantsika ao amin'ny hafatra omeny antsika amin'izao karemy izao : hamelona ny masom-pinoana ka araka ny sitrak'Andriamanitra no ijerentsika ny zava-mitranga amin'ny fiainantsika ary velomina

miaraka amin'ny masom-pinoana ny fanantenana ka tsy havoza miatrika ny fiainana fa hatoky an'i Kristy nandresy ary ny fitiavan'i Kristy no mandrisika antsika hifampitsimbina sy hifanasoa hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Raha tanteraka izany na "ady sy dia" aza ny fiainana dia zary EOY MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Rehefa miala amin'ny fahafatesan'ny fahotana isika dia ny fanatanterahantsika ny sitrak'Andriamanitra no famonjena ho antsika ary dia mampiombona antsika tanteraka sy itoerantsika ao amin'i Kristy ary hitoeran'i Kristy isika ka hahazo ny vokatry ny tena izy isika. Raha zanany isika dia feno hafaliana sy feno fiadanana tanteraka isika. Marina fa tsy maintsy mandalo amin'ny fihafiana, fahafoizana, fanoloran-tena amin'Andriamanitra ka rehefa manolotra ny tenantsika isika dia Andriamanitra no mitoetra ao amintsika. Raha izy no mitoetra ao amintsika dia maty ny fahotana ka mamokatra be isika ary izany no antenaintsika amin'izao Paka izao.

Mazava fa tsy ny lojikan'izao tontolo izao na oviana na oviana no ahafahantsika manasitrana an'izao tontolo izao fa ny lojikan'Andriamanitra dia ny FIAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY.

Mila Mpitarika isika, mila Baba, mila Ray amin'izany mba ho fianakaviana "eglizy kely" tokoa. Volana Marsa isika izao atolotry ny Eglizy ho antsika I Md Josefa ilay lehilahy marina, ilay tia vavaka, lehilahy tia asa, tsy be teny fa mamelona ny ankehonana. Eo ihany koa ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy izay samy nivelona io soatoavina malagasy ary nampianatra azy dia fihavanana sady kristianina no malagasy. I Lucien Botvasoa aza dia nomen'ireo Mpiarabelona taminy anaram-bositra RABEFIAVANANA.

Ry Jesoa Tompo ô, zavatra ambony sady lalina ny hazo fijaliana, fanafintohinana sy hadalana ho an'ny sasany ary tsy ho takatry ny sainay na oviana na oviana ny fijaliana sy ny fanetren-tenanao Zanak'Andriamanitra. Izany anefa no lalam-pamonjena manambara ny fitiavanao anay ary io no lalan'ny fihavanana.

Ry Jesoa Tompo ô, nialoha lalana tokoa lanao nizotra nankeny amin'ny kalivery, maniry ny hiaraka Aminao tokoa izahay ary nasainao hanara-dia Anao aza, koa hazavao ary ny fo amamp-panahinay, ny sainay amin'izao akaiky dia akaiky ny fankalazana ny famonjena anay amin'izao Paka izao. Ampianaro izahay hahay hianatra ny ataonao, manana modely izahay dia i Lucien Botvasoa sy ireo Olomasina sy Olontsambatra malagasy. Enga anie izy hivavaka ho anay ka ho vonona koa izahay hahay hanolotra tahaka azy ny fijalianay Aminao ka amin'izay ho zary famonjena ho anay sy ho an'izao tontolo izao.

Tsaroanay manokana amin'izao vavaka ataonay izao ireo izay enjehina noho ny finoana, miombona amin'izy ireo izahay, herezo izy ireo hijoro hatrany amin'ny finoana. Izahay kosa hiezaka hiady amin'ireo fakam-panahy mitarika anay ho lavitra Anao. Hifikitra Aminao tokoa anie izahay, lanao ho ivom-piainanay ary hitoetra ao Aminao izahay ary lanao hitoetra ao aminay dia hamokatra be izahay. Masina Maria, Md Josefa mitodika aminareo izahay. Ento am-bavaka ny dingam-piainana ataonay izao mba samy ho vonona hanao "départ vaovao" izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson